# CHILI 7 OKTÔBRA 2018 : FIOVAN'NY RAFI-PITONDRANA, NIOVA HO DELEGASIONA NY PROVINSY

*Ny 7 Oktôbra 2018, dia zava-niseho manan-tantara ho an'ny fikambanana any Chili. Nankalaza ny fametrahana ny rafi-pitantana vaovao ny Provinsy : Delegasiôna.*



**Masera María Luisa Sepúlveda Candia (Mpanolon-tsaina Jeneraly Delege)**

**Nanasa anay handray io andro io am-pitokiana sy ny ho avy izay vohain'Andriamanitra ho antsika i masera Emérentienne, Lehibe Jeneralintsika.**

**Hafa tokoa noho ny teo aloha hoy izy ary nampahatsiahy anay koa izy ahoana no nitantan'ny Tompo antsika nandritra izay taona faraparany izay, niainantsika fiovana maro teo amin'ny fiainantsika sy tao amin'ny Fikambanana.**



**Masera María Elena Vega Rojas (Solon-tena any an-toerana)**

**FANIRAHANA**

**" Ny Fahendrena, ny fahazavana sy ny herin'ny Fanahy Masina anie hambomba anareo !"**



**Nisy Sorona Masina fanirahana izay nandraisan'ny maseran'i Chili rehetra anjara sy solon-tena isaky ny vondron'ny lahika associés n'ny fanomezam-pahasoavana ary ihany koa masera Emérentienne Ramoravelo (Lehibe Jeneraly) sy María Luisa Sepúlveda Candia (Mpanolon-tsaina Jeneraly). Io fankalazana io no nanamarika ny fiampitana ho amin'ny Delegasiôna ho an'i Chili. Nisafidy ny hiova rafi-pitondrana ny Fikambanana amin'ny fisiany aty Chili mba hampisy aina kokoa ny fanomezam-pahasoavana sy ny asam-panirahan'ny Sœurs du Christ. Nandritra ny Sorona Masina no nanirahan'i Masera Emérentienne an'i masera Maria Luisa voatendry ho Delege ho an'i Chili, ary i masera Maria Elena, voatendry ho solon-tena aty an-toerana.**

Ankinintsika amin'ny Tompo ity dingana vaovao amin'ny làlana diavintsika miaraka ity
Hotohizantsika ny fampitsimohana ny fanomezam-pahasoavana :

'VAVOLOMBELON'I JESOA KRISTY FOTOTRA SY MPANATONTOSA NY MAHA IRAY",
Mba hinoan'izao tontolo izao fa ianao no naniraka anay. Ny zava-drehetra mba ho an'ny voninahitrao sy ho fanorenana ny fanjakanao.



**Raha te hiaina sy hanaraka ny hazavan'i Kristy isika dia aoka hanana amintsika samy isika ny toe-pon'i Jesoa Kristy.**
(Tononkiran'ny Filipianina 2,5…)



**" Tsy ianareo no nifidy ahy fa izaho no nifidy anareo ma handehananareo sy hamokaranareo ary haharetan'ny vokatrareo"**
(Joany 15,16)





**Solon-tena vitsivitsy avy amin'ny Associés**
***"Manao izay hahazoana, mahay manavaka ary mampitombo ny tsimoky ny fiombonana sy ny fanantenana." (Lalàm-panorenana XXVII)***

**"Manatanteraka ny fanirahana antsika, toy ny rantsam-batana apôstôlika iraisam-pirenena isika… Eo anivon'ny fahasamihafan'ny fanomezam-pahasoavana dia samy mandray anjara amin'ny asa fanirahana araka ny fahafahan'ny tsirairay amin'ny vavaka sy ny asa na salama na marary." (Lalàm-panorenana 10)**